

NY LAHATENY NENTIN-DRAZANA MALAGASY

Famariparitana sy famakafakana

nosoratan' i

Jacob IMBE

*(Karazan-drafitra ankapobeny hitondrana ny fikarohana hatao
amin' ny manaraka ity aroso eto ity)*

Tamin' ny taona 1967, folo taona lasa izay, vao mba tafiditra ho anisan' ny lohahevitra nodinihin' ny UNESCO, tamin' ny fiara-ha-midinika nataony tany NIAMEY, ny mikasika ny «Littérature populaire». Talohan' izany, raha ny lafiny fikarohana no asian-teny dia tsorina fa toe-javatra tsy dia nahasarika firy loatra ny sain' ny mpandinika teto amintsika na tany ivelany ny lahateny nentindrazana izay antsoina amin' n'y teny mahazatra hoe «littérature orale traditionnelle» na «tradition orale».

Iarahantsika mahalala mantsy fa nitana ny laharam-pahamehana, ka efa lasan-davitra hatramin' ny elaela ihany ny fikarohana ombam-pandalinana mikasika ny Literatoria, ny Filozofia, ny Sian-sa, ny Politika sy ny Teknolojia maro isan-karazany. Fa ny lahateny nentindrazana kosa toa hadinodino teny. Ary na dia nisy aza fikarohana sy valan-drésaka natao, dia tsy mba nahazo avara-patana avy hatrany ny lahateny nentindrazana, fa nijanona ho zandrindresaka nandritra ny fotoana maharitra. Anton-javatra maro samihafa no azo lazaina fa nahatonga izany, ary ireto avy no mety ho anisan' ny lehibe indrindra amin' izy ireny.

Misy aloha ny mihevitra fa «lahateny ntaolo natokana ho an' ny tambanivohitra» ny lahateny nentindrazana, koa noho izany noraisina ho anisan' ny vakoka efa vasoka nilaozan' ny fandrosoana ankehitriny. Dia tonga very hasina miandalana teny àry ny lahateny nentindrazana (1). Nanjary nisy fifandrafesana hafahafa izany

(1) Ohatra anankiray azo raisina ny voalaza ao amin' ny gazety ny TANA-MASOANDRO, nivoaka tamin' ny 13-12-1932. Hoy mantsy i Gabriel

koa teo amin' ny teny voasoratra sy ny tsy voasoratra. Izay rehetra voangaly an-tsoratra moa nolazaina fa ambony karazana, satria mafy orina, hono; fa izay tsy voasoratra kosa fa voarakitry ny lovan-tsofina fotsiny, dia somary ambinambin-javatra ihany na nohamaiwanina mihitsy aza.

Tetsy an-danin' izany indray koa, ny fisian' ny «tenim-pirene-na» teo amin' ny tany anankiray, teny izay nentin' ny mpitonandra nifandray tamin' ny vahoakany sy nanoratana ireo raharahan-panjakana amin' ny ankaboney, dia nahatonga ny lahateny nentin-drazana maro hihafihafy na ho foana miandalana mihitsy aza. Safidy politika ataon' ny fitondrana no mahatonga izany. Fa matetika ihany koa ny fifandonan 'ny RIBA anankiroa tsy mitovy no mety miteraka ny fihemoran' ny lahateny nentin-drazana eo amin' ny sehatry ny firenena anankiray voazanaka. Ny mpanjanaka nitondra ny fivavahana kristiana sy ny fandrosoana, ohatra, no anisan' ny nandrava ny fomban-drazana fahagola ka voakasik' izany koa ny lahateny nentin-drazana. Ary rehefa voazanaka moa ny tompontany dia misy amin' izy ireny, tahaka antsika Malagasy, mihevitra fa «fahotana» mihitsy, ohatra, ny mandihy sy mihira ny «Manina azy», ny «Mazava atsinanana» (2).

Raha fintinina ny tian-kolazaina dia izao : riba roa samy mana na ny hanitra ho azy no nateraky ny teny sy ny soratra, araka ny

Razafintsalam : «Hira gasy sy Mpihira gasy na ny faharesen' ny lalao malagasy tompontany. Nisalasala mafy dia mafy aho, hanoratra ity. Tsaroako fa toa anisan' ireo zavatra maro efa nokosehin' ny andro ankehitriny ny hira gasy (...). Toa tsy hisy mpamaky akory aza, na hisy ihany, fa ho fano-kafana (...). Na dia izany aza anefa (...) : mbola lalao faran' izay tiam-bahoaka ny hira gasy.

* * *

Izao no fanontaniana tonga ato an-tsaiko voalohany indrindra : Inona loatra moa no dia mahatonga ny hira gasy hanjary lalao kilasy ambany ? nahoana izy no atao hoe lalao tsy misy lanjany ?

- (2) *NY TANAMASOANDRO* 13-12-1932. «Hira gasy sy mpihira gasy na ny faharesen' ny lalao malagasy tompontany» — Gabriel Razafintsalam. Hoy ny mpanoratra : «Manazava aho. Raha vao niditra tetra amin' ny tanintsika ny Fivavahana kristiana, dia ny fanompoan-tsampy sy ny fomban-drazana no zava-dehibe anankiroa noravany. Tetra amintsika anefa, toy ny any amin' ny tatsinanana rehetra, dia mifangaro mifamatopatotra ireto zavatra ireto : fivavahana, fomban-drazana, ary lalao amin' ny hira fiantsoana sy fankalazana an-dry Kelimalaza mbamin' ny Ramahavaly, dia misy fanao kosa amin' ny lanonana famadihan-drazana na amin' ny fetim-piravoravoan', ny fandroana, na amin' ny fetim-pianakaviana tsotra (...). Noho izany fi-famatopatorana izany, rehefa nikapa ny fanompoan-tsampy ny fivavahana kristiana, dia nianjera koa ny fomban-drazana mbamin' ny lalaon-drazana sasany. Tsaroako tsara fa fahiny, fahavelon' i Dadabe dia noheveriny ho fahotana mihitsy ny mandihy sy mihira ny «Manina azy», ny «Rainimahatratra», ny «Mazava atsinanana», etc.

efa mba fahatsapan' ny mpitokatoka maro hoe «taratasy tsy mivôlaña amin' ny tsy mahay». Ireo mpikaroka malaza, iazy samy manana ny fireham-pikarohana ataony avy, tao an-dry Jean Louis Curtis, Bronislaw Malinowski, Albert Schweitzer, Mircea Eliade, Jacques Chevrier, Ferdinand de Saussure, André Martinet, G. Calame Griaule, Léo Frobenius, Romane Jakobson, Léopold Senghor, Georges Gusdorf, sy ny hafa maro tsy voatanisa, dia samy nampisongadina ny maha zava-dehibe ny lahateny nentin-drazana. Manambara izany fa midadasika tokoa ny sehatra fikarohana azo atao momba azy io, ary maro tokoa ny zavatra tsy mbola voatrandraka.

Koa ny zava-kendrena indrindra amin' ity andram-pariparitana sy famakafakana ity, dia ny hanoritsoritra ireo lafim-pikarohana samihafa mikasika ny lahateny nentin-drazana amin' ny ankapobe ny, ny hamariparitra ireo endrika sy hevi-baventy fonosin' ny lahateny nentin-drazana malagasy arakaraka ny fomba itondrana ny fikarohana.

Ny mpikaroka manoloana ny lahateny nentin-drazana (2).

Eo amin' ny fikarohana rehetra atao dia ny fomba entimikaroka no mamaritra ny vokatra kendrena ho azo. Ka na dia samy mpikaroka mifantoka amin-javatra anankiray izao aza, dia tsy voatery hitovy lalan-tsaina hizorana sy tanjona hotratrarina. Nefy tsy natao hampisavoritaka ny asa fikarohana akory izany, fa vao mainka koa hampiroborobo ny vokatra kendrena ho azo.

Koa manoloana ny lahateny nentin-drazana dia tsapa fa saika manan-kambara ao daholo ireo sampam-pahalalana ao amin' ny «Sciences Humaines»; tsy diso anjara amin' izany koa anefa ny sampam-pahalalana siansa sy marika ao amin' ny «Sciences Exactes». Noho izany, karazandrazana topy maso amin' ny fomba sy asa fikarohana samihafa nentina namariparitra sy nitrandraka ny lahateny nentin-drazana no avy hatrany arosontsika eto.

(3) *Tsara hodinihina* ny asa fikarohana nataon' i Samuel Andriamisa, Toamasina, mpanoratra tao amin' ny gazety *NY MPANOLO-TSAINA*. (Ny Malagasy sy ny hirany dia : Ny hira malagasy amin' ny maha-Malagasy azy. Ny Fampandrosoana ny Malagasy) famakafakana natao nandritra ny 2 taona 1925-1927

Tsara hodinihina ny fikarohana nataon' i H. Randzavola mikasika ny Toetsain' ny Malagasy ambaran' ny feon-kirany — tao amin' ny gazety *NY MPANDINIKA* taone 1930.

Tsara hodinihina ny asa fikarohana nataon' ny mpanoratra Ratany tao amin' ny gazety *NY MPANDINIKA* ihany koa, tamin' ny taona 1926 mikasika «Ny Hira». Marihina fa efa teo amin' ny taona (1913-1914) no nisan' ny valandresaka momba izany nampanaovin' Ingahy Escande tao Avaratr' Andohalo Ambony.

Sampam-pahalalana maromaro toy ny «Anthropologie sociale et culturelle», ny «Linguistique», ny «Littérature», dia efa samy nentin' ny mpikaroka namotopotra ny lahateny nentin-drazana avokoa, ka toy izao raha fintinina ireo zava-dehibe tsara ho fantatra momba izany.

a) *Ny Hiteny sy ny lahateny nentin-drazana.*

Ny teny hoe «linguistique» na haiteny dia tsy hita tao amin' ny «Dictionnaire de l'Académie» frantsay raha tsy tamin' ny taona 1833. Ary tsy vitsy ireo manam-pahaizana nampifangaro ny «linguistique» tamin' ny «philologie». Tao koa ireo olona izay nihevitra ny «linguistique» ho toy ny «psychologie» na «anthropologie» tsotsotra, izany hoe ny haiteny dia nafangaro tamin' ny fomba nentina nandinika ny olombelona eo anivon' ny fiaraha-monina, ny fanadihadiana ny toeindraka olona sy ny famakafakana ny fomba nentina nampiasa ny teny. Noho izany, dia dingana anankitelo no azo lazaina fa nodiavin' ity sampam-pahalalana ity ambara-pahitany ny lalan-kizorany amin' ny endrika siantifika ankehitriny : tao ny fotoana izay niheverana fa ny teny dia fanomezana avy amin' Andriamanitra, ka tonga manan-kery hafahafa izany ny lahateny alahatry ny mpahalala; mbetika mameleona, mbetika mamono; tao koa ny fotoana nifantohana tamin' ny fandinhana ny tantara sy ny fivoaran' ny teny anankiray; ary ny dingana farany misy azy ankehitriny dia ny fandinhana amin' ny fomba siantifika ny teny amin' ny maha zava-misy azy azo asokajy, alahatra, refesina, anatsoahana lalàna isan-karazany.

Koa mifanojo indrindra amin' ny votoatim-pikarohana sahanin' ny sampam-pahalalana haiteny ny lahateny nentin-drazana, noho izy ity mahafaoka ny teny sy ny lahateny maro samihafa entin' ny olona mifandray sy maneho ny fihetseham-po amampalahy hatramin' ny ela indrindra ka mandraka ankehitriny eo anivon' ny fiaraha-monina anankiray na maromaro.

Hita ary fa anisan' ny vaintohan-drahahaha voalohany nosahanin' ny «linguistique» ny fanadihadiana ny fiandohan' ny teny amin' ny maha teny azy. Tsapa tamin' izany fa olana tsy ahitam-pamahana ny fiandohan' ny teny aloaky ny vava. Fantatra anefa fa tsy voajanahary na tongatonga ho azy amin' izao ny teny fa toejavatra vokatry ny fisainan' ny olombelona manana ny maha izy azy. Fantatra ihany koa fa ny lahateny arafitra sy volavolain' ny olona tsirairay dia azo amoronan-javatra maro arakaraka ny asa saina ataony. Misy akony be dia be eo amin' ny fomba fandinhana antsoina hoe «transformationnelles» ara-piofoana sy «générationnelles» ara-pianahana, fampiasa ankehitriny io lafiny famorongan-javatra eo amin' ny fampiasana ny teny io. Fandinika tsara kokoa amin' izany ny «hihitse» ananan' ireo mpiangaly lahateny nentin-drazana entiny mamolaka ny teny sy mandahatra ny tiany hambara.

Azo dinihina ihany koa ny fahasamihafana na ny fitovian' ny teny sy ny tenim-paritany misy etsy sy eroa. Voakasik' izany akaiky ireo karazan-dahatenim-paritany misy eto amintsika mba hahazoana maneho ny antsoina hoe «variétés dialectales d'une langue». Ary tsy vitan' ny hoe aseho fotsiny, fa dinihina ihany koa ny fanasokajiana azy ho toy izao sy toy izao mba hahazoana manatsoaka lalàna, ary soritana ihany koa ny fiovana na ny fivoarana mety mitranga.

Amin' ny maha-lahateny tononina omban-java-maneno, fa tsy soratana ny lahateny nentin-drazana, dia zava-dehibe entin' ny «linguistique» mandinika azy ny fandiniham-peo «phonétique» sy ny rafi-peo «phonologie». Ka na ny jijy sy ny antsa, na ny hainteny sy ny kabary, na ny sôva sy ny ohabolana, dia tena ho voatrandraka tokoa raha izay fomba izay no entina mandinika azy ireo. Koa dinihina amin' izany ireo feo aloaky ny vava amin' ny maha feo azy, sy ireo feo aloaky ny vava amin' ny maha-feo mifono hevitra sy fihetseham-po amam-panahy azy. Ary vao mainka hampankarena ny fikarohana ny fandinihana ireo feon-java-maneno toy ny amponga, ny hazolahy, ny valiha, ny jejolava, ny kaiamba, ny ampongatapaka, ny sodina sy ny fihetsika arahin-tsinjaka sy rombo ary kolondoy tsy misaraka amin' ny fiangaliana ny lahateny nentin-drazana.

b) *Ny «anthropologie» sy ny lahateny nentin-drazana.*

Efa hatramin' ny taon-jato faha-XVIII sy XIX no efa nahavoasarika ny mpandinika vahiny ny hamantatra ny fiaimpainana, ny fomba amam-panao sy ireo toetra «hafahafa» nananan' ireo mponina nantsoina hoe «indigènes» taty Afrika sy tany Azia sy Amerika. Ny misionera no nisantatra ny raharaha tamin' ny fandokoana ny fomba sy ny fivavahana narahin' ireny olona ireny, ary tao koa ny fanangonana an-tsoratra ny lahateny nentin-drazana. Nandritra ny fotoana maharitra anefa dia tany amin' ny «musées» sy tranomboky no nitrandrahana izay kely azo. Fa ny fikarohana mendrika ny «anthropologie» dia tsy nanomboka raha tsy tamin' ny andron'i Bronislaw Malinowski izay niara-nonina tamin' ny «indigènes» nandritra ny efa-taona maninjina (1914-1918) tany amin' ireo nosy kelin' i Trobriand. Marihina ihany koa fa lalan-tsaina maro samihafa no nentina nanao ny fikarohana. Tao ny «évolutionnisme» izay namariparitra fa mizara telo ny tantaran' ny olombelona : ny «sauvagerie», ny «barbarie», sy ny «civilisation»; tao ny «diffusionnisme» izay nanamarika ny fifaneraserana sy ny fifandraisan' ny hairaha; tao koa ny «fonctionnalisme» izay nifantoka mafy tamin' ny fandinihana amin' ny antsipiriany ny zava-misy teo amin' ny fiarahamoina ambanivohitra; ary ao koa ny «anthropologie structurale» izay entina mandinika ny firafitry ny zava-misy eo anivor' ny fiarahamoina iainana amin' ny andavanandro.

Ireo fomba fandinika samy manana ny maha·izy azy ireo anefa dia nanao ho vainedohan-draharaha ny fandinihana ny «fifandraisana» eo amin' ny samy olombelona. Ka ny teny enti-mamantatra sy mampahafanta-javatra ary entina mifampihaino no nifantohan' ny asa fikarohana. Tsapa tamin' izany fa manan-karena aoka izany ny lahateny nentin-drazana raha ny lanjan' ny teny sy ny lahateny iainan' ny mpiara-belona no neverina. Hita tokoa mantsy fa tsy misaraka amin' ny finoana sy ny hasina ny teny. Ny joro fanaon' ny ombiasy sy ny hazomanga, ohatra, dia tsy natao ho fampisehoana talenta akory, fa ho fiarovana ny ankohonana amin' ny ratsy, na ho fitahiana ny mpiara-belona noho ny herin' Andriamanitra. Ary tsara aza ny manamarika fa rehefa ny «mythes» no dinihina dia tsy misy vidiny mihitsy ny fomba fiangaly na ny teny ampiasaina izay mampisy endrika sy lanja «littéraire» ny lahateny. Satria manambara zavatra mihoatra lavitra noho izay lazain' ny «linguistique» sy ny «littérature» ny «mythes» araka ny fahitan' ny «Anthropologie structurale» azy.

d) *Ny «Littérature» sy ny lahateny nentin-drazana.*

Mihasarotra hatrany hatrany ny famaritana ny antsoina hoe «littérature», hoy i Roland Barthes. Na ny rafitra mitantana azy, na ny asa sahaniny, na ny vidiny sy ny lanjany dia toa samy tsy maha-faritra azy avokoa. Rafitra manao ahoana tokoa moa ? Ny akorany sy ny ventiny ve ? Ary izay asa sahaniny ? Angamba tsy misy ilana ny «littérature» akory. Ny lanjany ? tsy fantatra !

Rehefa tsy hita be ihany izay hamaritana ny literatiora, dia naroso indray ny «Histoires de la littérature». Tsy mankaiza firy akory, hono, io.

Na izany anefa na tsy izany, dia misy ihany ny sampampa-halalana enti-mandinika ny literatiora, dia ny antsoin' i Roland Barthes hoe «savoir littéraire». Amin' izany dia mahasahana ny «sociologie», ny «histoire» sy ny «politique» ny literatiora. Tsy mahavaha ny olana mipetraka amintsika eo amin' ny fandinihana ny lahateny nentin-drazana anefa ireo voalaza ireo, satria ny lahateny tsy voasoratra, dia tsy mba noneverina mihitsy ho «littéraire», ary na dia ny voasoratra aza, dia izay «voasoratra tsara» ihany no mendrika ho literatiora. Ny hany famaritana nomen'ny mpahalala⁽⁴⁾ ny

⁽⁴⁾ Esa nivoatra be ihany io hevitra io taty aoriania araka ny tenin' i F. Lumwamu (chef du Département de Linguistique et Tradition orale - Université de Brazzaville - République populaire du Congo) manao hoe : «L'écriture est une forme d'expression, comme une autre, un langage second, un dédoublement du langage qui est avant tout parlé, oral, sonore... Dans l'un ou l'autre cas, il s'agit de littérature», Revue *Recherche Pédagogique et Culture* (Tradition orale et musique), Editions Henri Ogé - Arfons, Rennes, mai-août 1977.

maha-«literatiora» ny lahateny nentin-drazana, dia ny faharetany eo amin' ny fotoana diaviny sy ny toerana iriariavany. Fomba famaritra ny lahateny nentin-drazana iray manontolo io, nefà tsara ihany koa ny mamariparitra ireo karazan-dahateny maro samihafa, ny foto-kevitra ijoroany, ny asany sy fomba entina miangaly azy.

Fomba fikarohana sy lalan-tsaina samy manana ny maha-izy azy no misokatra eo anoloantsika ankehitriny, ka ny kendrena dia ny hahazoana mamaritra sy mamakafaka misimisy koa hatrany ny lahateny nentin-drazana malagasy.

Ny lahateny nentin-drazana malagasy sy ny fikarohana vita hatramin' izay.

Tsy fantatra mazava ny fotoana nitrangan' ny fikarohana natokana ho an' ny lahateny nentin-drazana malagasy. Ary raha ny marina no lazaina, dia tsy fikarohana hoenti-mamotopototra sy mandalina no natao, fa fanangonana lahateny mba horaketina ant-soratra. Marihina avy hatrany anefa fa asa goavana mintoka ny fahalavorarian' ny fikarohana rehetra hatao amin' ny manaraka izany fanangonana an-tsoratra ny lahateny nentin-drazana malagasy izany, na dia manova zavatra maro aza izay fomba fiasa izay.

Tamin' ny andron' ny fanjakana malagasy fahiny, raha mbola tsy nisy teto amintsika ny soratra, na sorabe na soratra latina, dia azo inoana marimarina fa ny lovan-tsofina no natao fitaovana fitahirizana ny karazan-dahateny maro samihafa. Taty aoriania dia sorabe nentina nirakitra ny lahateny nentin-drazana sasantsasany. Koa ny katibo no azo lazaina fa mpanangona an-tsoratra voalohany ny lahateny nentin-drazana, ary ny fandraka no boky voalohany nitahirizana ny lahateny voasoratra. Sorabe voasoratra tamin' ny taon-jato faha-XVIII, ohatra, no voalaza fa anisan' ny nanatsoahan' i pasteur Rainandriamampandry ny kabary «Hafatry ny Ombiasy anankiray tamin' ny zanany», hita ao amin' ny Boky «Tantara sy Fomban-dRazana» nivoaka tamin' ny taona 1896. Mbola fandraka toy izany koa, hita tao amin' ny fasana Ankadivato, no nitahirizana kabary maromaro tamin' ny andron' Andrianampoinimerina sy Andriamahazonoro. Navoakan' i Fernand Kasanga ho boky ny tantara voarakitra tao, tamin' ny taona 1955.

Ary rehefa neken' ny ampanjaka Radama rainy ny fampiasana ny litera latina, tamin' ny taona 1823, dia niroborobo izaitsizy tamin' izay ny asa fanangonaña an-tsoratra ireo karazan-dahateny nisy teto amintsika. Araka ny lovan-tsofina, dia Ranavalona reniny no nanome baiko ofisialy ny tandapany, mba hikaroka sy hirakitra an-tsoratra ny Hain-teny ntaolo, tokony ho tamin' ny taona 1836.

Dia vao mainka koa nanosika ireo mpikaroka vahiny, indrin-draindrindra, handinika ny lahateny nentin-drazana malagasy, ny

fananganana ny Akademia Malagasy nataon' ny jeneraly Gallieni, tamin' ny taona 1902 teto Antananarivo. Ny «Bulletin de l'Academie malgache» no natao fitaovana sarobidy nentina nanatanteraka ny asa. Nirotsaka nandray anjara tamin' izany koa ireo gazety teo am-pelatanan' ny misiona sy ny fanjakana ary ny tsy miankina. Ireo gazety ireo dia anisan' ny nahitana karazan-dahateny trrainainy maro. Tao ny kabary, ny Hainteny, ny Tononkalo ntaolo, ny angano, ny ohabolana, sns... Nanatevina ny asan' ny Akademia malagasy sy ny gazety, ny fikarohana nataon' ireo olon-tsotra toa an-dry Jacques Faublée, Otto Chr. Dahl, Dandouau, Renel Charles, R.P. Callet, P. Dubois, Rainihifina, J. Laimijay, Dahle et Sims John, Ferrand Gabriel, Chapus G.S., Guillaume Grandidier, Jean Baptiste Razafintsalam (Dama-Ntsoha).

Tsara ihany koa ny manamarika fa nanana fifandraisana hatrany tamin' ny Foibe Fikarohana tany ivelany ny ankamaroan' ireny asa fikarohana ireny, toy ny «Musée de l'Homme», ny «Ecole des Langues orientales Vivantes» sy ny «C.N.R.S.». Teto an-toerana kosa dia ny «administrateurs» sy ny mpitondra fivavahana no namampy akaiky ireo mpikaroka.

Rehefa nigadona ny fahaleovantena, tamin' ny taona 1960, dia azo lazaina fa tsy nataon' ny fitondram-panjakana ho ambanin-javatra ny fanagonana mikasika ny lahateny nentin-drazana. Nasiana sampam-pikarohana momba izany teny amin' ny Présidence - Andafiavaratra. Najoro ihany koa ny «Centre d'Etudes et d'Informations sur la Langue, la Littérature et la Civilisation Malgaches — Université de Madagascar, Faculté des Lettres, Service de Langue et Littérature Malgaches». Vokatra maro sy sarobidy tokoa no efa azo tamin' izany. Ary farany, misy vinavinan' asa kendren' ny UNESCO hatao eto amin' ny faritry ny Ranomasimbe Indiana, ka i Madagasikara no anisan' ny voakasika akaiky eo amin' ny fanagonana sy fitrandrahana ny lahateny nentin-drazana eto amin' ny manodidina antsika. Efa tanteraka izy io ankehitriny ary ao Zanzibar-Tanzanie no misy ny foibeney. Marihina ihany indray fa ny fanagonana lahateny no be mpanao sy be vita hatramin' izao fa ny fandalinana kosa dia azo lazaina fa vao manomboka ihany.

Ny lahateny nentin-drazana malagasy : ny fiandohany

Amin' izao andram-pamakafakana ny lahateny nentin-drazana malagasy izao, dia inianay tsy ho lalan-tsaina tokana na fomba fikarohana iray ihany no entina manatanteraka ny asa, fa fandravonana kosa no ao an-tsaina, ka rehefa fomba mety hahazoana mamariparitra tsaratsara kokoa hatrany ny lahateny nentin-drazana dia horaisinay sy hampiasainay an-tanan-droa. Misy fifandraisany raha-teo koa moa ny «Littérature», ny «Linguistique», ny «Anthropolo-

gie» sy ny Sampam-pahalalana mifanakaiky amin' izany. Heverinay fa any amin' ny dingana ambonimbonjy kokoa amin' ny manaraka vao afaka mitombona mazava ny fandalinana ny lahateny nentin-drazana araka ny sori-pahalalana tokana mahaleotena.

Koa raha ny lahateny nentin-drazana malagasy sy ny fiandohan-ny àry no asian-teny, dia iarahan' ny mpahalala rehetra manaiky fa tsy hay fantarina mazava ny fotoana niandohan' ny lahateny nentin-drazana malagasy. Raha anontaniana ny amin' izany tokoa ny tambanivohitra mpitantara angano, dia hoy ny famaliny azy : «taloha, taloha, ela be, ela be». Manamafy io voalaza io koa ny fiteny fandre any an-tSakalava manao hoe : «Tinampako ñe vy, nizinjy, Tinampako ñe za, nizanjà. Tsy zaho ro 'mpavande, fa ñ'antaloha».

Raha tsy fantatra mazava toy izany ny niandohan' ny lahateny nentin-drazana 'malagasy raha tsy voafaritra mazava mialoha ny fiheveran' ny Ntaolo Malagasy ny «teny» sy ny «lahateny».

Maro samihafa tokoa ny fomba nentin' ny Ntaolo naneho ny fihetseham-po sy ny fiontanant-sainy amam-panahiny, arakaraka ny dingam-pandrosoana misy azy. Tao ny sary, ny sikotra, ny dihy, ny hira sy ny fiangaliana lahateny. Fa ny hita ho tena nanavanana azy sy nankafiziny indrindra dia ny «fampiasana» ny teny sy ny «fanavana» lahateny isan-karazany.

Efa voalazantsika fa tsy voajanahary ny «teny», ary tsy tongatonga ho azy amin' izao fa vokatry ny ezaka nentina hanambaranana ny ao an-tsaina sy ny ao am-po tsy miloaka. Mifono fari-pahaizana hatrany izany ny «teny» fa tsy afaka «handeha ho azy» amin' izao akory. Ary ny fanambàranana ny «teny» ho «fehezan-teny» sy ho «lahateny» dia asan-tsain' ny olombelona tsotra izao. Ny biby sy ny milina tokoa mantsy mba miteny. Fomba fijery siantifikasi anefa izay, ka tsy tokony hohadinoina fa ny siansa tsy nahafaritra ny fiandohan' ny «teny». Ny finoana sy ny vetsovetsone' ny poeta ihany tokoa no nentina namariparitra ny fiandohan' ny teny.

Raiki-tampisaka eo amin' ny finoana malagasy raketin' ny anganony, sy eo amin' ny finoana maro eran-tany kosa, fa ny teny dia tsy mba fananan' olombelona fa fananan-janahary samy irery. Izay tompon' ny fahefana mahagaga, hono, no tompon' ny teny. Ny teny nataon' ny Zañahary koa, hono, no nentiny nandamina izao tontolo izao. Ary hita ao amin' ny angano malagasy fa isaky ny misy zava-dehibe tian' ny Zañahary hoforonina dia hoy izy : «Hitara aho...».

Koa araka ny finoana sy ny voalazan' ny angano malagasy, dia ny teny naloaky ny vavan' ny Zañahary no nentiny nandamina ny kintana, ny fitarikandro, ny vintana, ny andro, ny volana sy ny rahona. Ny teny nataony koa, hono, no nentiny namorona ny

olombelona : «Akuri» hwi ndriananahari hisiyaky ay raheo, laha velu uy tungaky hanao (...) velune sariyu». Mboja araka ny finoana malagasy ihany koa, dia ny teny nataon' ny Zañahary no nampisy ny vary teto an-tany, «k-akur» hwi ndriyanañahary, àndesy anitui (...) alatao eo yu fa hitiri».

Araka izany, finoana mavesa-danja no ilazana fa ny teny dia hery no sady hasina tao amin' Andriamanitra, nentina nandamina izao tontolo izao sy nampisy ny olombelona ary nampiroborobo ny zava-boary. Ny teny, hono, dia loharanon' ny fiaianana sy ny fisiana. Fa mbola ny teny ihany koa anefa no nentin' Andriamanitra nanozona ny tany ka nahatonga ny fahafatesana voalohany tamin' ny olombelona.

Koa rehefa nanomboka nandahatra sy namolaka ny teny àry ny «ulu be» tany aloha, dia ny hahatongavana amin' izay tanjona famoronana na fandravana izay no mety ho nokendreny. Tsy zavamora anefa izany, ka tsy rehefa olona dia mpandahateny avokoa. Ny antony dia satria maro ny fepetra tsy maintsy narahina : tao ny fady tsy maintsy notandremana; tao ny fitsipika tsy maitsy nohajaina, tao ny ezaka ara-tsaina tsy maintsy nolofosana sy namolahan-tena, ary tao rahateo ny talenta tsy maintsy nananana. Ary izay nambinin' Andriamanitra ihany no toa havanana.

Noho izany, tsy mahagaga raha maro ny mpandinika mihevitra fa ny ombiasy no namolavola voalohany ny lahateny sy ny fahaizana ara-tsaina ananan' ny mpisorona, ny mpisikidy, ny mpanandro, ny ampanjaka sy ny hazomanga, dia izy ireo no toa hany afaka mifandray mivantana amin' ny Zañahary sy ny vahoaka amin' ny alalan' ny teny alahatry ny tsirairay avy, isaky ny misy toe-javatra, na tsara na ratsy, mitranga eo amin' ny fiainan' ny mpiara-belona aminy.

Nanao joro àry ny ombiasy sy ny hazomanga, namoha sikily ny mpisikidy, nikabary ny ampanjaka, nanao tonom-bavaka ny mpanandro, nitafasiry «ulu be», nanao Hain-teny sy Takahotsy ny tanora. Izay no azo lazaina fa anisan' ny niandohan' ny lahateny nentin-drazana malagasy.

Olona vitsivitsy toy izany, manana ny fahefana sy ny hery amam-pahaizana manokana, no nisantatra ny fandaharan-teny hoentina maneho ny fihetseham-po amam-panahy amin' Andriamanitra sy ny razana, ary amin' ireo hery maro tsy hay tohaina. Nentina nifandray tamin' ny vahoaka valalabemandry ihany koa anefa ny lahateny nentin-drazana. Ary satria moa izay tompon' ny teny, dia mba niampita tsikelikely miandalana teny amin' ny vahoaka ny fahazoana manao lahateny, arakaraka ny fivadihan-drafi-piaraha-monina nitranga, izay nitondra ny fitsimbadian' ny

rasa teo amin' ny samy mpiara-monina, ka tonga «mpisavika teny» ny «mpisavika saranga», ary dia teraka teo amin' izay ny maha lahatenim-bahoaka ny lahateny nentin-drazana malagasy.

**Ny lahateny nentin-drazana malagasy : ny fivoarany
sy ny fivelarany**

Marina fa mbola hita tsindraindray mandraka ankehitriny ihany ny maha-an' olom-bitsy ny lahateny nentin-drazana malagasy sasantsasany. Olona voatokana eo anivon' ny fianakaviana, ohatra, no hany mahazo manao «tatara raza». Ny joro fanao eny amin' ny «doany» sy eny amin' ny «tany manintsy» ihany koa, dia tsy iarahanh' ny hazomanga manao amin' ny hafa, fa raharahan' izy samy irery. Ary raha sendra misy aza fanaovana azy ireny eo imasombahoaka, dia tsy maintsy vidina amina vola tsy vaky na amin' ny toaka mahery ny teny atao ho setrin' ny hasina omena sy ho sadan' ny fady tandremana. Nefa tsy mahasakana ny sarambabem-bahoaka tsy handray anjara amin' ny famolavolana ny lahateny nentin-drazana akory izany. Ary fatratra tokoa ny fankafizany azy io. Hoy mantsy ny fitenin' ny any atsimo izay : «Vondraka ty tali-ly», «Si-pary amin-koliny ny resak' an' aloky, tsy lany hamamiana», «Tsikony lava lela, tsy alignoko ty tsara ao ndra ela». Tsy vitan' ny hoe tsy lany hamamiana ihany ny teny fa tsy misy farany ihany koa. «Koragna ambôny vato magnalignandro, vôlagna an-talan-doha tsy mety lany» hoy ny mpitôkatôka sy ny mpisôva. Hoy koa ny ohabolan' ny any avaratra : « Kabary faha-fody, vôlaña faha-karao-ko ». « Refy vavan' ny velona, jobihin-tondro vavan' ny maty» ary ny «lela mantsilagny tsy azo ahôtro. Tonga amin' ny fitenenana hoe «Kabary zato, teny arivo....». Hita araka izany fa mameno ny fiainan' ny mponina iray manontolo ny lahateny nentin-drazana. Ary mba ahoana kosa ny endrika isehoany sy ny hevitra fonosiny ary ny anjara toerany eo anivon' ny fiaraha-monina taloha sy ankehitriny.

Maro karazana ny lahateny nentin-drazana malagasy. Ahitana azy daholo ny faritra sy ny foko rehetra eto Madagasikara. Tsy zava-mora anefa ny manasokajy ny lahateny nentin-drazana, satria arakaraka ny lafiny itarafana azy, na araka ny hevitra fonosiny na araka ny endrika isehoany, no mahamety na tsy mahamety ny fanasokajiana atao. Na dia izany aza anefa azo andramana hatsitoko ho toy izao manaraka izao ireo karazan-dahateny ireo :

1° — Misy karazana «antsa» tsy andrenesana afa-tsye feon-kira sy feon-java-maneno, na tsy ahitana afa-tsye lamako sy dihy. Ny azy io matetika. Feon-kira tsisy tonony, mitory fihetseham-po lalina no enti-mamantatra ny ventin-kevitra tian' ny mpanan-talenta hambara. Hita eto izany ny fandokoana amin' ny alalan' ny feo. Tsy azo alahatra ho lahateny anefa izy io.

2° — Ao ny lahateny tsy ahitana afa-tsy teny rano fotsiny, ka tsy mba hita ao kosa na feon-kira sy feon-java-mameno, na dihy amam-pihetsika mitory ny fihetseham-po amam-panahin' ny mpiangaly zava-kanto. Azo raisina ho ohatra amin' izany ny ankamantatra, ny tatoño, ny kabary, ny takahotsy, ny vaibola, ny hain-teny, ny ohabolana. Eto kosa dia ny sary no enti-misaina sy mihevitra.

3° — Ary farany ao ny lahateny izay sady hiraina no jijina ary indraindray koa dihizina miaraka amin-java-maneno. Chatra azo raisina ny hira gasy, ny sôva, ny tôkatôka, ny beko, ny jijy, ny antsa, ny isa, ny tafasiry. Tafaray eto ny sary sy ny feo ary ny dihy enti-miangaly zava-kanto.

Soritana avy hatrany àry fa ny karazan-dahateny tsirairay dia samy manana endrika ety ivelany isehoany sy ny votoatin-kevitra fonosiny avy. Na dia eo aza izany, dia ao ihany ny toetra iombonany : samy tompon' andraikitra amin' ny fiangaliana ny lahateny nentin-drazana avokoa ny mpanan-talenta sy ny vahoaka mpanotrona, ka misy ny «mpamaky lay» ny resaka, ny mpitarika antsa, «ny mpamaky sôva», ny «mpanao sasiny» sy ny «mpiantso», ary misy ny «mpanao setriny», ny «mpamaly», ny «mpitantara» sy ny «mpamaran-dresaka» ary «mpamaha olana»; ny tontolo manodidina sy ny fiainana andavanandro misy ny tsirairay no iompanan' ny lahateny atao. Amin' izany rehetra izany dia tandrovina fatratra ny hahazava-kanto madio rano ny lahateny, ny hahalahatenim-bahoaka azy, ary ny hahahery fanoitra sy vy miaina manentana sy mamelona ny fiainam-bahoaka iray manontolo ny lahateny nentin-drazana malagasy.

a) *Nahoana no zava-kanto madio rano ny lahateny nentin-drazana malagasy ?*

«Hanitra» sy «hasina» feno «poésie» hoy isika no amin' ny toetra maha izy ny lahateny nentin-drazana malagasy. Ny teny malagasy rahateo dia teny efa somary «hiraina» ka vao mainka koa mahavariana ny fingadona, ny filantolanto, ary ny fiantoratoraky ny feo mifandray amin' ny fihetseham-po tian-kambara na ny hevitra tian-kavoitra. Mampitombo tarehy ny lahateny ihany koa ny fidiran' ny zava-maneno an-tsehatra. Ny fidoboboboky ny hazolahy sy ny amponga tapaka, ny tarainan' ny angorodao, ny tanin' ny sodina, ny bitsibitsiky ny feom-baliha dia tsy haitraitra na hain-gonkaingon-javatra fotsiny fa tena manana ny lanjany tokoa eo amin' ny fampisongadinana ny fihetseham-po amam-panahy. Efa voalazantsika ihany koa fa ankoatra ny lafiny fifandraisana sy fanehoan-kevitra anan'an' ny lahateny nentin-drazana, dia tao indrindra koa ny lafiny «famoronan-javatra». Ny fizorana amin' io lalan-tsaina io no mahatonga ny olon-tsotra ho mpiangaly ny meva sy ny kanto indrindra.

Raha dinihina tokoa àry ny ohabolana, ny hain-teny, ny kabary, eny fa na dia ny ankamantatra sy ny tapa-toño koa aza, dia tsapa fa zava-dehibe tsy maintsy iaingan' ny mpiangaly sy ilofosany dia ny fahaizana misafidy, mamolaka sy mandahatra teny. Rehefa vita izany dia mbola avela hosedrain' ny fotoana ireny karazan-dahateny ireny vao tena raikitra ho «literatoria», hany ka mirakitra rindra sy hanitra hafahafa izay. Ny fiarahan' ny feo, ny fihetsika, ny sary, ny loko tsy mifangarika no tena zavatra, ka sady mandresy lahatra ny saina no mambabo ny fihetseham-po amam-panahy. Ary rehefa izay no tanteraka dia tsaroana mila hahajenjina tanteraka ny herin' ny teny, ka ny tontolon' ny zava-kanto madio rano no tonga iainan' ny mpiangaly sy ny mpihaino.

Eo amin' ny karazan-dahateny sôva, tôkatôka, antsa, jijy, beko, dia dingana hafa noho izay voalaza etsy ambony no misy ny mpiangaly lahateny nentin-drazana. Eto ny mpanan-talenta dia tsy natao handoko ny zava-boary sy ny fiaraha-monina fotsiny, fa mitady kosa hampisy endrika ny hevitra vaovao ny tontolo manodidina azy. Tsy mpandoko fe mpandoko ny zava-boary izy fa olona «mpamorona tontolo vaovao». Amin' izany anefa, tsy mba raisina ho anisan' ny mpangainga izy, satria «ulu mahiritse», «mpanao zava-mahagaga», mampiteny ny biby sy ny vato aman-kazo, mampifandray ny «tsy manana aina» amin' ny «manana aina», mampisy rindra ny tontolo iainana izay efa mila hanempotra noho ny antony maro samihafa, ary sahy manandrana hamantatra akaiky ny «tsy fantatra», dia ny «niavian' ny zañahary». Marihiny hatrany fa tsy ho tanteraka araka ny tokony ho izy ireo rehetra ireo raha tsy eo ny vahoaka mpisedra ny «vôlagna an-talan-dôha tsy mety lany». Izany rehetra izany dia matetika tanterahina ao anatin' ny feon-javamaneno, toy ny sodina, ny jejo lava, ny hazolahy, ny angorodao, arahina rombo sy kolondoy ary tsinjaka ataon' ny vahoaka mpanotrona izay samy efa misikina lamba marevaka sy miravaka rojo sy kavina volamena tsara voatra. Tonga lafatra tokoa ny lahateny rehefa izay no tanteraka araka ny tenin' ny mpisôva manao hoe : «Amtampony vaiavy é é...».

b) *Nahoana no lahatenim-bahoaka ny lahateny nentin-drazana malagasy ?*

Toetra anisan' ny mampiavaka indrindra ny lahateny nentin-drazana malagasy ny maha lahatenim-bahoaka azy. Tsy ampy ny mpanan-talenta mantsy, hoy isika, ny maha «ulu mahitse» manankasina azy, fa tsy maintsy mila ny fanampian' ny mpiara-monina aminy izy vao tanteraka amin' izay hilany azy ny lahateny iangalia-ny. Misy fifankazahoana hafahafa izay mihitsy eo amin' izy roa tonta ireo. Tsy hoe resaka rafi-pitondrana miandany amin' ny fanja-

kana manjaka vahoaka ihany no mitaky sy mahatonga izany, fa ny fiheverana mihitsy ny antsoina hoe «kanto» sy «meva». Amin' izy mpiangaly lahateny nentin-drazana mantsy, ny kanto dia tsy izay mambabo ny fihetseham-po amam-panahy na mampiaiky ny saina aman' eritreritra ihany, noho ny fahaizana mampiasa ny teny, fa indrindraindrindra koa izay voasedran' ny vahoaka maro mifandimby

(production littéraire /non littéraire) ka mpampisongadina
 (production pérenne /non pérenne)

aminy fa tsy hafa akory ny lahateny nentin-drazana fa lahateny azy tanteraka, noho izy sady mpandray anjara no tompony tsy mangataka atiny. Ny meva ihany koa dia izay iainana andavanandro fa tsy nofinofisina fotsiny. Ny lahateny toy ny sôva sy ny kabary, ohatra, dia azo tanterahina mihitsy raha tsy eo ilay vahoaka tompon' ny teny farany. Izany hoe, na mahiratra toy inona aza ny mpisôva, rehefa tsy ampian' ny vahoaka mpanotrona, dia rava ho azy ny sôva ataony. Na manan-tsaina toy inona koa aza ny mpikabary, rehefa lavin' ny vahoaka ny teny ataony, dia very hasina avy hatrany eo imason' ny olona izy, ary foana ho azy koa ny kabary, satria misy banga ny rafitra mitantana azy — Noho izany azo lazaina fa avy amin' ny vahoaka sy ho an' ny vahoaka ny lahateny nentin-drazana. Tsy mba fantatra anefa ny tena mpamorona azy, ary tsy misy olona sahy mihambo ho tompony na dia izy mpiangaly aza. Ny fahendrem-bahoaka izany no azo lazaina fa loharano nipoirany.

Inona tokoa mantsy ny zava-misy mpiseho matetika mandraka ankehitriny eo amin' ny fivelaran' ny lahateny nentin-drazana malagasy ? Raha bangoina amin' ny teny fohy ny valiny dia izao : ny votoatin' ny karazan-dahateny hita eto amintsika dia miompana amin' ireto zavatra manaraka ireto : Fandokoana sy fitsikerana ny tontolo anaty mahamalagasy na eo amin' ny lafiny ara-tsaina amam-pihetseham-po, na eo amin' ny lafiny ara-panahy; famolavolana fitsipi-pitondran-tena entin' ny vahoaka miaina eo anivon' ny fianakaviany sy ny fireneny ary eo amin' ny tany sy ny fanjakana; fandokoana sy fitantarana ny tontolo iainana : ny vahoaka sy ny asany ary ny fomba amam-panaony, ny filozofia nolovany tamin'ny razany. Ka isaky ny misy lanonana, na an-kasoavana na an-kartsiana, dia tsy misaraka amin' ny vahoaka ny lahateny nentin-drazana. Hita izany eo amin' ny Tsaboraha, ny Bilo, ny vangy Tanimintsy, ny Fitampoha, ny Tromba, ny Sambatra, ny Tambirô, ny Tsikafara, ny Famadihana sy ny hafa tsy voatanisa.

Araka izany dia iainan' ny Malagasy tanteraka ny lahateny nentin-drazany fa tsy mba zavatra noteftefena na namboamboarina, satria ny taniny sy ny vahoakany no hiraina ao, ny fomba

amam-panaony no volavolaina ao, ary izy vahoaka no fototra ijorao-ny sy lafika ivelarany. Ary izany indrindra ihany koa no mahatonga ny lahateny nentin-drazana malagasy ho hery fanoitra sy vy miaina manentana sy mameleona ny fiainam-bahoaka iray manontolo.

d) *Nahoana ary no hery fanoitra sy vy miaina manentana sy mameleona ny fiainam-bahoaka iray manontolo ny lahateny nentin-drazana malagasy ?*

Amin' ny maha lahatenim-bahoaka ny lahateny nentin-drazana malagasy, dia mahasahana lafin-javatra maro eo amin' ny fiainana andavanandro ireo karazan-dahateny misy eto amintsika. Voakasik' izany avokoa rehefa toe-javatra mikasika ny lafiny ara-tsaina, arapanahy sy ara-pitondrantena toy ny finoana, ny fomba amampahendrena, ny fanabeazana, ny famokarana, ny politika, ny tantara sy ny siansa tsotsotra mikasika ny zava-boary. Raha tsorina ny tian-kambara dia hery anaty miantoka ny fisian' ny riba malagasy ny lahateny nentin-drazana.

Hita sy tsapa tokoa mantsy, fa eo amin' ny fiaraha-monina ambanivolo, tsy mbola anjakan' ny soratra sy ny taratasy, dia ny lahateny nentin-drazana no entina mizara sy manovo fahalalana amam-pahaizana isan-karazany. Ao ny fianarana mandaha-teny sy manisa : beazina ny tanora amin' ny alalan' ny lahateny nentin-drazana mba ho mendrika hatrany hatrany ny anjara toerana hisy azy atsy ho atsy. Ao ny fianarana mandinika sy mitsikera ny zava-boary sy ny tontolo iainana manodidina. Ao ihany koa ny fandrantana sy fanitaran-tsaina amin' ny alalan' ny tantara mahaliana sy mahavariana. Koa sady zarina hamolaka ny teny ny olona no assaina mandrani-tsaina mba hahatonga azy ho olona «misy jery» sy «mahihitse». Ny takahotsy, ny tapatoño, ny ankamantatra, ny sôva, ny hain-teny, ny fankahotra, ny jijy no anisan' ny fitaovana mahomby enti-manatanteraka izany.

Eo amin' ny lafiny ara-pinoana indray, dia mitana anjara toerana lehibe eo amin' ny fanjariana sy fanamafisana orina ny fomban-drazana ny lahateny nentin-drazana malagasy. Atomboka eo amin' ny fitaizana ny fitondrantena ny asa fanabeazana ka tsy mifarana raha tsy eo amin' ny fisedrana ny finoana an' Andriamanitra sy ny Razana ary ireo Hery maro tsy hay tohaina. Ny «Tatara raza», ohatra, dia lahateny natao indrindra hirakitra ny zava-tsarobidy maha izy ny fianakaviana sy ny firenena anankiray, toy ny fomban-drazana, ny fady, na sandrana, ny tantara. Ny anganombaviantitra ihany indray dia miantoka ny fisian' ny fomban-drazana nolovan' ny taranaka hatramin' ny ela indrindra, hatramin' ilay «andro voalohany» no sady manamafy ny hasiny. Isaky ny misy mitady hanozongozona ny finoana sy ny fomban-drazana, dia

tantaraina sy antsavina ny anganombaviantitra mba ho fiarovana ny riba malagasy tsy ho rava. Satria inoana fa izay tantaraina amin' iny fotoana iny, dia tsy zavatra foromporonina na tefitefena akory, fa inoana kosa fa «nisy tokoa» tany aloha ela be, ary mbola misy sy hisy ihany koa amin' ny andro manaraka.

Araka izany dia karazana tombokase manamarina sy manome antoka ny maha izy ny fahendrena nolovana tamin' ny razana ny Tatara raza sy ny Anganombaviantitra malagasy. Izany anefa no atao, dia tsy sanatria ho fifikirana be fahatany amin' ny tany aloha ela be tany, fa mba hahazoana kosa misedra sy miandoka ny ankehitriny sy ny ho avy.

Eo amin' ny lafiny famokarana indray dia fiteny mahazatra rahateo ny hoe «asa atao an-kira toa vita tsy natao». Maro tokoa ny antsa fanentanana sy famporishana ny olona hamokatra. Tsy antsa fe antsa anefa izy ireny indraindray fa antsa mifono vavaka ihany koa. Dia vavaka fangataham-pitahiana mba hahazina ny taona, mba hahitam-pahombiazana eo amin' ny fihadiana volamena sy ny hare-na hafa any ambanin' ny tany, eo amin' fiompiana sy fihazana, ary ny fambolena isan-karazany. Ary rehefa azo indray izay nirina dia mbola mibahan-toerana eo amin' ny lanonana samihafa atao ihany koa ny lahateny nentin-drazana ho mariky ny fisaorana ny Zañahary.

Ary farany, eo amin' ny lafiny fandrindrana ny fiaraha-monina sy fitondram-bahoaka indrindra, no ahitana, fa hery fanoitra manentana ny fainam-bahoaka ny lahateny nentin-drazana malagasy. Hatramin' ny andron' ny fitondran' andriana ka mandraka ankehitriny, dia ny kabary, ny hira gasy, ny antsa, ny jijy, ny sôva, ny beko, ny rary no nentina nampiely vaovao, nampahafantatra ny lalàna sy ny foto-kevitra ijoroan' ny fanjakana; nisy ihany koa fotoana nampiasana azy ireny ho fitaovana enti-manohitra ny fitondrana jadona tsy refesi-mandidy na koa ho fangataham-pitahiana amin' Andriamanitra rehefa latsaka an-katerena ny firenena. Izany rehetra izany sy ny hafa ihany koa no mahatonga ny lahateny nentin-drazana malagasy ho sarobidy tokoa eo amin' ny tany sy ny fanjakana. Hita araka izany àry fa na dia eo aza ny lafiny maha «poésie» ny lahateny nentin-drazana ka anisan' ny mahatonga azy ho asa famoronana «littéraire», dia iaraha-mahalala ihany koa fa miandefa eo amin' ny fiaraha-monina iray manontolo ny yokany. Izany indrindra no mahatonga ny mpiangaly lahateny nentin-drazana ho to teny sy tsy ho lefy laza eo amin' ny tany ama-monina. Ka sady anisan' ny mpitarika izy no eken-teny, tsy fola-tànana manondro, ary lasa kofehy manamafy ny fatorana misy eo amin' ny samy mpiarabelona.

FEHIN-KEVITRA

Famakafakana sy Famariparitana amin' ny ankapobeny, mba hahazoana miditra amin' ny antsipiriany kokoa, amin' ny fikarohana mety hatao amin' ny manaraka no naroso teto. Ny azo tsoahana dia ity : fomba fikarohana sy lalan-tsaina maro samihafa no azo ampiasaina hoenti-mitrandraka ny lahateny nentin-drazana malagasy; hita fa harem-be tsy lany tsirony mahasarika hatrany ny mpikaroka amin' izao vaninandro iainantsika izao izy ity. Manomboka mirohotra manangona, mandinika sy mandalina ny lahateny nentin-drazana ao aminy ny firenena maro ary anisan' izany isika eto Madagasikara. Toe-javatra ohatra ny hafahafa ihany izany, kanefa tsara ny manamarika fa na tsy nisy ny fampirisihana na tsisy fanelingelenana ny fikarohana momba azy ity, ny zavatra azo antoka kosa dia izao : anisan' ny zava-kanto madio rano feno haren-tsaina amam-panahy, manana ny lasitra misy azy manokana sy ny lalana mifehy azy ny lahateny nentin-drazana, ka tonga manana fahaleovantena hafahafa izany eo anivon' ny firoboroboan' ny boky aman-gazety sy ireo fitaovana maro fampielezana hairaha eran-tany.

Soritana mafy indray fa lova tsy leon-driaka tsy mitsahamivoatra, navelan' ny razana ny lahateny malagasy. Noho izany mirakitra ny fahendrena maha izy ny firenena, ka sarotra amin' ny olona ny hamela azy ho very tадиды. Marihina rahateo koa fa mipoitra sy mifantoka mafy sy lanina amin' ny fiainam-bahoaka ny lahateny nentin-drazana ka tsy mora fongorina. Izy vahoaka moa no tompony ka vao mainka koa sarobidy aminy ny lahateny navelan' ny razany. Lahateny kanto sy «masina» ho an' ny ankamaroan' ny Malagasy ny lahateny nentin-drazany, ary lalana anankiray azo entina misoroka ny adim-poko ny fampiroboroboana azy. Ankoatra izay voalaza izay, dia tsy azon' ny «censure» fehezina, na koa helingelenin' ny fanjakana amin' ny fomba hafa ny lahateny nentin-drazana. Satria tsy azo tampenam-bava ny vahoaka miantsa any ambanivohitra rehetra any. Nefa ho rava ihany izay heriny izay rehefa lasa lavitra ny fanangonana azy an-tsoratra, ary tsy vitan' izay ihany fa ho very ihany koa ny maha izy azy, satria ny taratasy tsy mahafeno velively ny fepetra takin' ny lahateny nentin-drazana.

Hamafisina farany eto indray fa manaitra ny maro tokoa ny fihazakazahan' ny firenena maro efa mandroso sy ireo fikambanana iraisam-pirenena hamotopototra sy handalina mihitsy ny lahateny nentin-drazana eran-tany amin' izao fotoana izao. Ohatia ny misy

zavatra banga sy very hasina be dia be izany any ho any ka tadiavana fanafody sy aina vao ao amin' ny lahateny nentin-drazana. Koa tsy amim-pomba feno fanapepoana na fanindraindrana be fahatany intsony no itondrana ny asa fikarohana, fa amin' ny paika siantifika anantenam-bokatra mahafatrapo tokoa. Kanjo arakaraka ny hirosoana amin' ny fikarohana no vao mainka koa mampidadasika ny mbola tsy fantatra. Porofo izany fa sady hery no harena tsy leondriaka saro-pantarina ny lahateny nentin-drazana malagasy.

FANOROAM-BOKY

- ALEXANDRE (Pierre) – *Langues et Langages en Afrique Noire*, Payot, Paris.
- ANDRIANARAHINJAKA (Michel, Lucien, Xavier) – *Isa betsileo*, 1969.
- ANDRIANASOLO (Fidèle) – *Recueil de textes dialectaux*, 1970.
- BARTHES (Roland) – *Le degré zéro de l'écriture*, 1953. – *L'Aventure littéraire de l'humanité* (préface), Bordas Encyclopédie, 1970.
- CALLET (R. P.) – *Tantaran' ny Andriana*, 1908.
- CHAPUS (G. S.) – *Les imériens dans les contes des anciens*. Montpellier, 1930.
- CHEVRIER (Jacques) – *Littérature nègre*. Colloque Niamey, UNESCO, 1967.
- CURTIS (Jean Louis) – *Questions à la littérature*. Collection «Question», 1973.
- DAHL (Otto Chr.) – *Contes malgaches en dialecte sakalava*, Universitetsfordaget, 1968.
- DAHLE – *Anganon' ny Ntaolo*. Imprimerie Luthérienne, Tananarive, 1962.
- DAMA-NTSOHA – *La langue malgache et les origines malagaches*, 2 vol. 1928 et 1929.
- DANDOUAU – *Contes populaires des Sakalava et des Tsimihety de la région d'Analalava*. Publication de la Faculté des Lettres d'Alger, 1922.
- DOMENICHINI (Ramiaramanana, Bakoly) – *Hain-teny d'Autrefois*, 1968.
- DUBOIS (R. P.) – *Monographie du Betsileo*. Paris, 1938.
- ELIADE (Mircea) – *Mythes, rêves et mystères*. Collection Idées, Gallimard. *Traité d'Histoire des religions*, Payot, 1941.
- FAUBLEE (Jacques) – *Récits bara*. Institut d'ethnologie. Paris, 1947.
- FLACOURT – *Collections des ouvrages anciens concernant Madagascar*. Edit. Grandidier, t. VIII, pp. 17-18.
- FERRAND (Gabriel) – *La légende de minia*. Journal asiatique, Paris, 1902.
- GALLIENI (Général) – *Bulletin de l'Académie malgache*, 1902.
- GRANDIDIER (Guillaume) – *Revue de Madagascar*. Contes Malgaches (1901).
- GRIAULE (G. Calame) – *Ethnologie et langage en Afrique Noire*. Payot, Paris, 1967.
- GUSDORF (Georges) – *Mythe et Méthaphysique*. Edition Garnier. Flammarion.
- JAKOBSON (Romane). – *Essais de linguistique générale*. Editions de Minuit. Paris, 1958.
- KASANGA (Fernand) – *Tantaran' ny Antemoro Anakara teto Imerina tamin' ny andron' Andrianampoinimerina sy Ilaidama*. Collection *Tantan-drazana malagasy*, 1955.

- LAIMUAY (J.) – *Ohabolana betsimisaraka. «Tôkatôka betsimisaraka».*
- MALINOWSKI (Bronislaw) – *Trois essais sur la vie sociale des primitifs*. Petite Bibliothèque Payot.
- MARTINET (André) – *Eléments de linguistique générale*. Armand Colin, Paris, 1960.
- RABENILAINA (Roger Bruno) – *Ny takahotsy eo anivon' ny karazan-dahateny bara*, Antananarivo, 1970.
– *Description morpho-syntaxique du Bara*, 1974.
- RAINIHIFINA – *Lovan-tsaina*. Imprimerie Catholique. Fianarantsoa.
- RAJAONA (Siméon) – *Takelaka notsongaina*, Boky I, Boky II, Ambozontany, Fianarantsoa, 1963, 1964.
– *Structure du Malgache*. Ambozontany, Fianarantsoa, 1972.
– *Problèmes de morphologie malgache*. Librairie Ambozontany, Fianarantsoa, 1977.
- RAJAONARISON (Jean Baptiste) – *Recueil de textes dialectaux*, 1970.
- RAKOTO RATSIMAMANGA – *Les hain-teny d'Autrefois* (préface), 1968.
- RAKOTOSON (Philippe) – *Ohabolana tantsiraka*. Imprimerie Luthérienne, Tananarive, 1964.
- RAVOAJAHARY (Charles) – *Tononkalo Ntaolo*, 1970.
- RENEL (Charles) – *Contes de Madagascar*. Collection de contes et chansons populaires. Paris, 1910 et 1930.
- SAUSSURE (Ferdinand de) – *Cours de linguistique générale*, Payot, Paris, 1978.
- SCHWEITZER (Albert) – *Les grands penseurs de l'Inde*. Petite Bibliothèque Payot.
- SENGHOR (Léopold) – *Les nouveaux contes d'Amadou Koumba*, préface, Présence Africaine, Paris, 1958.
- SIMS (John) – *Anganon'ny Ntaolo*. Imprimerie Luthérienne, 1962.
- STRAUSS (Lévi) – *Anthropologie structurale*.
- TROBENIUS (Léo) – *Histoire de la civilisation africaine*. Gallimard. Paris, 1937.